Fiafaran' ny Ramadany 6
**Niarahaba ny mpino silamo rehetra Ravalo noho ny Eid**

Ivontoerana Safidy 3
**Maika ny fametrahana lalàna sy tontolom-pifidianana matotra**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 3 may 2022 Laharana 1293 Vidiny : **400 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Foto-drafitrasa mbola tsy tokony hotokanana 6
## Afa-baraka Rajoelina tany Menabe

**Ravalo tany Amparafaravola sy Ambatondarazaka** 2 5

# Tena vonona fa tsy vonombonona hanompo ny vahoaka sy ny firenena





Resaka karama 7
## Fantaro ireo fisondrotana hatao

Makis à 7 vehivavy 5
## Tafita hiatrika ny Mondial 2022

**Daka kely**



**Hita mihitsy hoe mbola tena zaza nareo ry Boaikely tany Menabe a !**

RAVALO TANY AMPARAFARAVOLA SY AMBATONDRAZAKA

# Tena vonona fa tsy vonombonona hanompo ny vahoaka sy ny firenena

Nanatrika ny fameloma-maso, na redynamisation ny antoko TIM, sy ny fifampiarahabana tratry ny taona, teo amin'ireo mpikatroka sy ny birao politika, ny filoha Marc Ravalomanana, tany Ambatomainty distrikan'Amparafaravola, sy tao Ambatondrazaka any amin'ny faritra Alaotra Mangoro, ny sabotsy teo. Ny maraina no nanatanterahana izany tany Ambatomainty Amparafaravola ary ny tolakandro kosa ny tao amin'ny renivohitry ny faritra Alaotra Mangoro. An'arivony maro no tonga niatrika ny fotoana, tany amin'ireo distrika roa ireo. Nikarakara izao hetsika izao ireo depiote mirahalahy voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM, tany Amparafaravola Rabekijana, sy ny voafidy tao Ambatondrazaka Fidèle Razarapiera, sy ny ekipan'izy ireo avy, niaraka tamin'ny Reg-TIM any amin'iny faritra iny, notarihan'ny filohany Ramanotronarison Charles. Nohamafisin'ny filoha Marc Ravalomanana nandritra izany, fa tena vonona ny tenany, fa tsy vonombonona fotsiny, ho amin'ny fanompoana hatrany ny vahoaka sy ny firenena, efa nivoady aho ny amin'izay, hoy izy. Mikasika ny hosoka sy ny halabato nisy tamin'ny fifidianana farany, ka noporofoin'ny filoha lefitry ny CENI tamin'izany fotoana, tamin'ny fisian'ny doublon maro, tsy hisy hanaiky ny toy izany intsony amin'ny fifidianana manaraka ho avy eo, hoy i Dada. Nohamafisiny, fa tsy hisy ny fampandrosoana ny firenena raha tsy harovana ny tantsaha mpamboly sy mpiompy, amin'ny alalan'ny fanomezana azy ireo zezika, masomboly, tohadrano na dam,… Notsindriany fa antony hijoroany amin'ny hijereny ny vahoaka ny tsy fandriampahalemana misy, ny demôkrasia voahitsakitsaka, ny lalampanorenana voahitsakitsaka: ohatra iray mbola notsiahivina tamin'izany ny fametrahana governora, izay tsy misy ao anatin'ny lalàna fototra eto amin'ny firenena. Fa nitafa nivantana tamin'ny vahoaka koa ny filoha Ravalomanana tamin'ny fandehanany teo anelanelan'Ambatondrazaka, sy Ambatomainty Amparafaravola, re ombieny ombieny nandritra izany : "mijaly izahay vahoaka ry Dada, ka vonjeo!", hoy ny antsoantson'ireo mponina nolalovany. Notsiahiviny koa ireo zava-bita tamin'ny fotoana nitondrany tany Alaotra, maro no nahazo Kubota nentina namokatra, nisy ny vary famboly amin'ny ririnina nandritra ny 3 volana dia miakatra, fa tsy 2 taona ny vary vao miakatra araka ny voalazan'ny hafa, hoy izy.



*Ny filoha Marc Ravalomanana, tany Ambatomainty Amparafaravola.*

Tany Alaotra koa ny faran'ny herinandro teo ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM, Rina Randriamasinoro, notsi ndriany nandritra izany ny tokony hanatanterahana ny fikaonandoham-pirenena, mba hahafahana miaramanomana ny fifidianana, mba ho eken'ny rehetra ny vokatra ao aorian'izay. Hankalaza ny faha-20 taona nijoroany koa amin'ity taona ity ny antoko TIM, hoy izy. Ary ny teboka faha-3 nolazainy dia miomana ho amin'ny fiverenana amin'ny fitondrana ny antoko, lalana ho amin'izany ny famaloma-maso ny antoko toy izao natao izao, ny fanentanana ny mpikambana rehetra hanaja discipline na fitsipika, ny tokony hametrahana aloha ny fitadiavana tombontsoa manokana, fa ny tombontsoa ho an'ny rehetra sy ny firenena no banjinina. Tonga tany an-toerana koa ny filohan'ny TIM any Toamasina, ny senatera teo aloha Jacky Manambola, ny depiote avy amin'ny antoko TIM, Me Hanitra Razafimanantsoa sy Rodin Rakotomanjato, ny minista teo aloha Andrianjato, ny ben'ny tanàna teo aloha Guy Maxime Ralaisehena, izay samy nanamafy, fa ny filoha Marc Ravalomanana ihany no vaha-olana hivoahan'ny firenena amin'izao krizy maro samy hafa mahazo azy izao.

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Politika tsy mahasoa sy hahatsara ny firenena no iainana

Mifatratra aiza ny firenena afaka andro vitsivitsy na maromaro eo? Fanontaniana misarika ny sain'ny olom-pirenena maro izany tato ho ato, indrindra amin'ny resabe mandeha momba ny tsy maintsy hiakaran'ny vidin'ny solika eto amintsika. Dia efa samy maminavina ny fiantraikan'izany amin'ny fiainana andavanandron'ny sarambabem-bahoaka ny rehetra momba izany. Ary ny adihevitra dia ny fanafody asetrin'ny fitondrana Rajoelina izany hanamboaran-tsaina ny vahoaka amin'ity resaka fanondrotan-karama ity, na ho an'ny mpiasam-panjakana, na ireo tsy miankina.
Ity fitondrana tsy mahita vahaolana mazava sy mahomby amin'izany indrindra rehefa amin'ny resaka efa lasa sarotra toy izao. Tsy maintsy hisy ny ho hadino ny sokajina vahoaka ary dia hifafa ny kihony ao anatin'izao fidangan'ny vidim-piainana efa nanomboka hatramin'ny tapaky ny taona lasa sy hatramin'izao, ary mbola hiha-mafy hatrany izany raha ny toe-javamisy. Io fitondrana io izay miseho ho mahay mitondra noho ireo teo alohany dia hiharihary, fa miana-draharaha hatrany handritry ny dimy taona amin'ny fe-potoana hiasany. Niaraha-nahita izany tamin'ireo tranga maro samihafa hatramin'izay tato anatin'ny telo mahery izao. Na izany tao anaty fiatrehana ny fihanaky ny valanaretina ka nanatanterahana ny karazana fanampiana ara-tsosialy ny mponina; na tamin'ny fandalovan'ny rivodoza ireny, na amin'ny fiatrehana ny fidangan'ireo vidin-javatra rehetra fanjifan'ny mponina andavanandro, sns... Misy hatrany ny lesoka indrindra amin'ny lafiny fandaminana raharaha fizarana.
Ny tena hain'izao fitondrana izao, miditra amin'ny fiandohan'ny volana izao, dia ny famoretana izay hetsika fitakiana rehetra mitranga amin'ny alalan'ny fampiasan-kery na dia miafina ao anaty lalàna na fahazoan-dalana aza izany. Tsy misy mahazo mihetsika eto fa izay miana-kendry, miaka-midina eny amin'ny mpanao fanadihadiana sy ny fitsarana, na mpanao politika, na mpianatra; ary tratry ny ramatahora avokoa hatramin'ny mpitsabo, sy ireo sokajy teo aloha ireo. Dia iaraha- mahita ny fiainam-pirenena sy ny sy ny zava-misy amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy hisy fiantraikany izany fomba fiasa sy politikan'ny fitondrana izany, na ankehitriny, na ao aoriana. Tsy mahasoa ny firenena anefa izany.

***Sôh'son***

Filoha Ravalomanana

# Manameloka ny fanaovana ramatahora ireo mpanolotsainan'ny tanàna

Manameloka ny fanaovana ramatahora sy antsojay ireo mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo (CUA), ataon'ny ben'ny tanàna Vazahabe Naina Andriantsitohaina sy ny ekipany, ny filoha Marc Ravalomanana, filohan'ny nasiônalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM. Ny fitoriana eny amin'ny fitsarana lava ataon'ny CUA, ireo mpanolotsaina tsy mitovy hevitra aminy, hoy ny fanambarana dia fanaovana tsindry hazolena sy ramatahora ireo olom-boafidy ireo, misy ny avy amin'ny antoko TIM, misy ny avy amin'ny IRK:"manoloana ny raharaham-pitsarana an'ireo Mpanolotsaina Tiako i Madagasikara (TIM), sy i Clémence Raharinirina, izay niakatra fampanoavana sy mpitsara mpanao famotorana ny Zoma 29 April 2022 teo, ka niafara tamin'ny famoahana didy mametraka eo ambanin'ny fanaraha-maso ny fitsarana azy roa vavy ary fahafahana vonjy maika kosa ho azy 5 mirahalahy mpanolotsaina; ny tenako sy ny antoko Tiako i Madagasikara ary ny RMDM dia manameloka ny fihetsika miendrika « ramatahora » natao tamin'ireo olomboafidy ireo. Mampahery hatrany an'ireo izay enjehina noho ny hevitra tsy mitovy. Sahia mijoro hatrany! », hoy izy. Mikasika ity raharaha ao anivon'ny tanànan'Antananarivo ity, ny ben'ny tanàna Vazahabe mihitsy no tokony ho efa gadraina, satria nanampatra fahefana, sy nanitsakitsaka ny lalànan'ny fitantanam-bolampanjakana. Nitrosa vola ho an'ny kaominina nefa, tsy nahazo fankatoavana tamin'ny filan-kevitry ny tanàna.



*Ireo mpanolotsainan'ny tanànan'Antananarivo, iharan'ny ramatahora sy ny antsojay ataon'ny CUA eny amin'ny fitsarana.*

***Stefa***

Tanora TIM sy RMDM Antsiranana

# Tontosa ny fanadiovana tanàna nataony

Tontosa ny sabotsy teo ny fanadiovana tanàna nataon'ny tanora TIM sy ny tanora RMDM any Antsiranana, faritra Diana. Maro ireo namaly niantso, nanadio ny Place Joffre any amin'ny renivohitry ny faritra Diana. Ny Place Joffre izay toerana manantantara, fandalovan'ny mpitsangatsangana sy ny mpizahatany, satria ahitana ny Helodranon'Antsiranana, sy ny seranantsambon'i Diego. Manoloana ny hetsika sôsialy vitany, nisy ny fanambarana sy fisaorana nataon'ny tanora TIM sy ny tanora RMDM Antsiranana:"misaotra antsika jiaby Jeunes TIM sy Jeunes RMDM jiaby , nagnatanteraka ny adidy tamin'ny fagnadiovagna Place Joffre , ary isaoragna Mr le Maire Diego DJAVOJOZARA JEAN LUC , nanome autorisation nahafahana nagnatanteraka ilay fagnadiovagna , misaotra tompoko." Hetsika efa nataon'ireto tanora any amin'ny faritra avaratr'i Madagasikara ireto koa ny fambolen-kazo, fiarovana ny tontolo iainana, tontolo iainana, izay efa manomboka miha-potika koa any an-toerana.

***Isambilo***



*Ny sasany amin'ireo tanora TIM, sy ny tanora RMDM any Diego, nanadio ny Place Joffre ny sabotsy teo.*

IVONTOERANA SAFIDY

# Maika ny fametrahana lalàna sy tontolom-pifidianana matotra

***Nanao fanambarana ny Ivotoerana Safidy, izay anisan'ny mpanara-maso ny zotram-pifidianana eto amintsika ny faran'ny herinandro teo. Zava-dehibe ary maika hoy izy ireo ny fametrahana lalàna sy tontolom-pifidianana matotra sy araka ny tokony ho izy, mba hiantohana fifidianana marina, malalaka, handraisan'ny rehetra anjara ary eken'ny rehetra amin'ny ho avy, ka hanajana ireo fototra ara-demokratika.***

Araka ny fanambarana : « noho ny finiavanay hampanjaka ny tena demokrasia eto Madagasikara sy ny hisian'ny fifidianana marina, malalaka, mangarahara, itokisana sy eken'ny rehetra eto amin'ny firenena. Ary noho ny traikefa ananantsika sy ireo sosokevitra natao mikasika ireo tsy fahatomombanana hita nandritra ny fanaraha-maso ny fifidianana natao tamin'ny taona 2018-2019-2020 teto amin'ny firenena, izay tsy mbola nisy fepetra noraisin'ny Tompon'andraikitra isan'ambaratongany, mba hanitsiana sy hanatsarana izany. Izahay, firaisamonim-pirenena ato amin'ny Sampana fanaraha-maso ny fifidianana SAFIDY dia mamerina manaitra ny rafi-pitondrana voakasiky ny raharaham-pifidianana eto amin'ny firenena ary ireto manaraka ireto no hevidehibe fanatsarana tokony himasoana :

Mikasika ny registra nasionalin'ny fifidianana sy ny fandrafetana ny lisitry ny mpifidy: mangataka izahay mba hisian'ny fanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy, ary ny fanjakana dia tokony hanokana famatsiam-bola sy hoenti-manana entina manatanteraka izany arapotoana, satria ny and. 11 ao amin' ny lalàna fehizoro 2018-008, dia manery ny hanavaozana tanteraka ny lisitry ny mpifidy isaky ny 10 taona, izay tamin'ny volana novambra 2010 no nanaovana izany farany. Etsy andaniny, ny fanavaozana sy fandrafetana ny lisitry ny mpifidy dia tokony andrikitry ny CENI ka tsy tokony hitsabahan'ny fahefana mpanatanteraka (and 12).

Ny lisi-pifidianana raha tsiahivina no isan'ny niteraka faharefoana sy tsy fahatomombanana ka anton'ny nisian'ireo tsikera sy fandavana momba ny fifidianana farany teo.

Mikasika ny fampielezankevitra amin'ny fifidianana sy ny fitsapan-kevibahoaka :

- Mikasika ny tsy fisian'ny lalàna mifehy ny vanimpotoana mialohan'ny fampielezan-kevitra ofisialy. Zava-dehibe ny fametrahana io tsy fisian'ny lalàna mifehy io, ka tokony hapetraka ny rijan-teny hifehezana io vanim-potoana mialohan'ny fampielezan-kevitra ofisialy io.
- Mikasika ny fahafohizan'ny faharetan'ny fe-potoana natokana ho an'ny fampielezan-kevitra( and 56).

Ny faharetan'ny fotoana natokana ho an'ny fampielezan-kevitra ofisialy dia tokony ho halavaina, mba ho ampy tsara arakaraka ny fifidianana hatao mba (i) hiantohana ny fitovian'ny herijika misy eo amin'ny kandida mpifaninana sy (ii) mba hisian'ny fanentanana ampy, sy hisitrahan'ny olompirenena ireo vaovao feno, ka hahafahany manao safidy malalaka sy voahevitra tsara mandritry ny andron'ny fifidianana.

- Mikasika ny tsy fiandanian'ny fitantanan-draharaham-panjakana (and 60). Tokony hamafisina ny tsy fiandanian'ny fitantanan-draharaham-panjakana sy ny tsy fahafahana mampiasa ny fahefampanjakana ary ny fananam-panjakana, ho amin' ny fampielezan-kevitra, mba hisorohana ny fampiasan'ny kandida sy ny antoko politika sasany ireo fananam-panjakana mandritra ny fotoam-pifidianana ; ary indrindra ny tokony hisiana sy hampihàrana ny sazy hentitra mikasika izany.
- Mikasika ny fanerena hanokatra kaontim-pifidianana, mba hanaraha-maso ny famatsiam-bola amin'ny fampielezan-kevitra.

Ny kandida rehetra dia tokony terena hanokatra kaotim-pifidianana manokana any amin-ireo banky na paositra miasa eto amin'ny tanin'ny Repoblikan'i Madagasikara, izay kaonty tokana handrotsahany sy hikirakirana ny vola natao ho ampiasaina amin'ny fandaniam-bola amin'ny fifidianana, mba hiantohana ny fangaraharana.

- Mikasika ny Kaomisaona manaramaso ny famatsiam-bola ny fiainam- politika (CCFVP) (89).

Momba ireo mpikambana ao amin'ny CCFVP, dia tokony hisokatra amin'ny sehatra hafa noho ny amin'izao ireo tokony ho mpikambana ao, tahaka ny ao amin'ny SAMIFIN, ny BIANCO, ary ireo firaisamonim-pirenena, sy mba hanomezana ity rafitra ity ireo fahefana, fitaovana sy famatsiam-bola ilaina hanatanterahan'izy ireo araka ny tokony ho izy ny andraikiny.

Mikasika ny famerana ny vola hampiasain'ny kandidà amin'ny fifidianana. Averina ny maha zava-dehibe ny famerana ny fandaniam-bola hampiasain'ny kandidà amin'ny fifidianana, mba hiantohana ny fitovian'ny herijikan'ny kandidà rehetra , hisorohana ny kolikoly sy ny famotsiam-bola ary ny « fifanarahana miafina misy eo amin'ny kandidà sy ny orinasa na mpiantsehatra hafa eto an-toerana na vahiny », izay tsy hifanaraka amin'ny tombontsoa ambonin'ny firenena. Tokony hatao mazava sy azo araha-maso rahateo ny fiavian'ny vola ho lanian'ny kandidà mandritra ny fifidianana.

Mikasika ny fanovàna ny lalàna 2015-020 mikasika ny CENI: Ireo fombafomba fanendrena ireo mpikambana sy ny rantsa-mangaikan'ny CENI dia tokony ho havaozina sy ho ampahafantarina ny rehetra mba hanamafisana ny fahatokisan'ny olona io rafitra io, indrindra eo amin'ireo kandidà mirotsaka ho fidiana mba ho eken'ny rehetra ny voka-pifidianana havoakany.

Mikasika ny fifanolanana mikasika ny fifidianana (art 200 sy ny manaraka): Ilaina ny fanalavàna ny fe-potoana momba ny fitorohana raha misy ny fifanolanana mba hahafahan'ny mpangataka manan-draharaha handrafitra tsara ny fitoriany, sy mba hahafahany hitondra ireo porofo tsy azo lavina, indrindra raha lavitry ny rafi-pitsarana mahefa izy. Ankilany, mikasika ireo heloka amin'ny fifidianana, dia tokony hampiharina tokoa ireo lalàna manan-kery ary hamafisina ny fampiofanana ireo mpisehatra natao hizaha ny heloka ara-pifidianana.

Mikasika ny fitantana raharam-pifidianana amin' ny ankapobeny:

Ny mpiantsehatra rehetra (CENI, OSC, Antoko-politika, Mpitantana ifitony/fokontany) voakasiky ny raharaham-pifidianana sy ny fanaraha-maso ny fifidianana dia tokony ho voahofana tsara sy ampy fitaovana indrindra ireo eo anivon'ny fokontany (CLRE) sy ireo rehetra misehatra ao amin'ny rafipitantanana mikasika ny fifidianana eny ifotony, izany dia mba hahavitany ny asana araky ny lalàna velona.

Mikasika ny fanatsarana ny fahazoam-bokatra eo amin'ny fanabeazana amin'ny fifidianana sy eo amin'ny fampielezan-kevitra:

Tokony ho hatsaraina ny fanabeazana sy ny fampitam-baovao mikasika ny fifidianana, ary omendanja, amin'ny alalan'ny fampidirana ny fanabeazana ho « olompirenena vanona » ao amin'ny praogramam-pampianarana mihitsy. Ilaina ny fanavaozana ny rijan-teny misy, mba hamporisihana na hanerena mihitsy ireo haino, vaky jery na miankina amin'ny fanjakana na ireo tsy miankina, hanao fanabeazana mikasika ny fifidianana. Hamafisina ny fanabeazana ny olompirenena ataon'ireo rafi-pifidianana, sy ny firaisamonim-pirenena ary ny antoko politika, mba hitandroana ny fahatokisan'ny rehetra ny valimpifidinana.

***Nangonin'Isambilo***




*Ireo avy amin'ny Ivontoerana Safidy.*

## Ny Valosoa sy hadihady

# Resaka karama, ny "grille indiciaire" mihitsy no mila havaozina

Efa mahazatra ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry mihitsy ny mampanantena zavatra ho an'ny Malagasy rehefa miverina avy any ivelany izy. Tsiahivina ny tamin'ny taona lasa rehefa niverina avy tany amin'ny fivoriamben'ny Firenena Mikambana izy, ka nandalo tany Washington ary nahazo ilay vola tany amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Nidehaka izy rehefa tonga teny Ivato, fa toa efa tany anaty valiziny ilay vola satria niteny izy, fa tsy miandry fa tonga dia azo ampiasaina izany. Nirehaka ihany koa izy, fa nitondra ireo mpilalaon'ny Barea tamin'ny fiaramanidina nitondra azy satria nampalahelo azy ireo mpilalao nihafy tany amin'ny kilasy ekonomika. Tetsy an-kilany koa dia nandrahona ny tao amin'ny Federasiona Malagasin'ny Baolina Kitra izay lazainy fa tsy manana zo nametra ny isan'ny mpijery hono. Nampanantena ny fitokanana ny kianjan'ny Barea izy dia nangataka ny « homologation », ka rehefa vita izany dia nanao fety be. Nasainy manokana mihitsy ilay mpilalao matihanina Samuël E'too noho izany. Iaraha-mahatadidy ny vokatr'izany satria tsy noraharahian'ity mpilalao ity akory izay fanasana, fa lasa nody tsy nanatrika izany izy. Azo antoka fa tsapany fa saika natao fitaovana fotsiny izy nahazoana ny "homologation". Niverina avy tany amin'ny fivorian'ireo mpiara-miombon'antoka, Banky Iraisam-pirenena sy Tahirimbola Iraisampirenena, dia nirehaka indray fa hasondrotra ny karaman'ny mpiasam-panjakana ary hiresaka amin'ireo tompona orinasa tsy miankina hitadiavana ny marimaritra iraisana momba izany fisondrotana karama izany. Tanteraka ny fihaonana tamin'ny herinandro lasa kanefa tsy mbola nisy vaovao nivoaka momba izany. Tsy mbola voafaritra koa ny fisondrotana satria azo antoka fa tsy ho ampy amin'izany ny sorabola ao amin'ny "Loi des Finances Initiales" amin'ity taona ity. Ny firaisankinan'ny Sendika eto Madagasikara (Solidarité Syndicale de Madagascar) dia nanambara fa fara-fahakeliny dia telopolo isan-jato (30%) ny fisondrotana vao mety hampisondrotra kely ny fahefa-mividin'ny mpiasa. Tsy azo adinoina koa anefa, fa amin'ny ankapobeny sy tsapa hatrizay dia raha vao misy ny fisondrotana karama dia miakatra ho azy koa ny vidin'ny kojakoja ilaina andavanandro. Tsiahivina fa vao nandray ny fitondrana ny filohan'ny Repoblika, Rajoelina Andry, dia nanambara fa hakarina ho roa hetsy ariary (200 000 ariary) ny karama farany ambany. Heverina fa marina, tsy azo lavina, ihany koa ny an'ny SSM fa ny "grille indiciaire" mihitsy no havaozina. Tsy azo ekena satria tsy ara-drariny ihany koa ny tsy fitovian'ny marikarama ho an'ny mpiasa manana mari-pahaizana mitovy. Efa tamin'ny tetezamita ity fanavaozana ity no notakian'ny "Grands Corps" kanefa tsy nisy tohiny satria toa tsy nahazatra ny syndika eto Madagasikara mihitsy ny mamerina sy manamafy ny fitakiana efa nataon'ny teo aloha. Angamba efa zary lasa kolontsaina eto Madagasikara ity toe-draharaha ity satria ny mpitondra aza tsy mampihàtra ny fitohizan'ny asam-panjakana (continuité de l'Etat), fa izay asa eo am-panatanterahana kanefa tsy mbola vitan'ny teo aloha dia na japiana na idohafana fa izy eo amin'ny fitondrana no tompon'ny asa. Iaraha-mahatadidy ny Làlam-pirenena 5-A, mampitohy an'Ambilobe sy Vohémar izay efa nametrahan'ny Filoha teo aloha, Rajaonarimampianina Hery, "Vato Fehizoro" kanefa dia mbola nametrahan-dRajoelina Andry "Vato Fototra" indray. Torak'izany koa ny fiantsonan'ny taksibrosy "Fisandratana" etsy Ambohimanambola izay tsy notokanana mihitsy ary notakonana ny takelaka nilaza izany. Nitokana ny "Rocade" vaovao Rajoelina Andry dia tsy mba nanetry tena fa ny Filoha Rajaonarimampianina Hery no nahazoana izany ary nidehaka fa izy no nanao sonia ity tetikasa ity tamin'ny taona 2011. Ho fehin'ireo rehetra ireo dia tsy ny fiadiana ho lohany na ny fiheveran-tena ho tompon-kevitra no hasongadina eo amin'ny fitakiana izay hahasoa ny besinimaro, fa ny fampahafantarana ny rehetra mpanohana ny hevitra ny efa nisian'ny tsirin-kevitra tany aloha ary ny lehibe indrindra dia ny fanasongadinana ny sakana tsy nahatontosana izany.

**Andry Tsiavalona**

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa, Njaka

Ny fameloma-maso ny antoko TIM, natrehan'ny filoha Ravalomanana, tany Ambatomainty Amparafaravola, ny sabotsy maraina teo.










Ny famelo-maso ny antoko TIM, natrehan'ny filoha Marc Ravalomanana, tany Ambatondrazaka, ny sabotsy tolakandro teo.









## NY TENY FIAINANA

*"Tsy fantatrareo va fa tempolin'Andriamanitra hianareo, ary ny Fanahin'Andriamanitra mitoetra ao anatinareo?"*

***I Korintiana 3:16***

### "BAREA U23 Locaux"

# Fantatra avokoa ny anaran'ireo mpilalao

Avy amin'ny alalan'ny fahavitan'ny famaranana ny fifaninanana nasiônaly, izay nandraisan'ireo ekipa voafantina avy amin'ireo Faritany enina (6) eto amin'ny nosy anjara tany amin'ny kianja "Stade Moderne Ampasambazaha Fianarantsoa" tamin'ny alahady 01 mey 2022 lasa teo, dia fantatra avokoa ankehitriny ny anaran'ireo mpilalao handrafitra an'izany "BAREA U23 Locaux" izany :

Mpiandry harato : Ronaldo Alfred (Mahajanga), Ramintsoa Tsanda (Antananarivoà, Lido Jean Clais (Toamasina).

Vodilaharana : Joseph Johnson Mathias (Mahajanga), Hajatiana Ratsimbazafy Claud' (Fianarantsoa), Rafamantanantsaoa Hajatiana (Antananarivo), Raharison Fitahinasoa (Antananarivo).

Irakiraka : Randriamahatratra Eddy Sergio (Toliara), Rajaonarivolo Henintsoa (Antananarivo), Ramamonjisoa Landry (Antananarivo), Dares Sitraka (Fianarantsoa), Randrianarison Arnaud (Antsiranana), Raharijaona José (Fianarantsoa).

Lohalaharana : Rafanomezantsoa Yvon Pascal (Fianarantsoa), Rakotonandrasana Jean Marcellin (Toamasina), Ramiariniandry Angerico (Fianarantsoa).




*Ireo mpilalao U23 locaux tany Fianarantsoa.*

Résérvistes : Radony Dolin Christophe (Vodilaharana Toliara), Jaovelo Goerginat Issouf (Vodilaharana Mahajanga), Jean Cle Boe (Vodilaharana Mahajanga), Randrianarisoa Mahavy (Vodilaharana Antananarivo), Tojo Frédéric (Irakiraka Mahajangaà, Raderalazasoa Ifraime (Irakiraka Fianarantsoa), Randrianirina Mihaja (Irakiraka Antananarivoà, Rafaliniaina Henintsoa (Lohalaharana Antananarivo), Pladrana Fracçois Xavier (Lohalaharana Antsiranana).

Marihina fa ireo anaty lisitra ireo no hiatrika ny fampivondronana hiaraka amin'ny expat amin'ny fampivondronana manaraka. Hafangaro izy ireo, ka hifantenana indray ny mendrika hiaro ny voninahitr'i Madagasikara ao anatin'ny ekipam-pirenena Barea U23 ary tena hiatrika ny lalao ôfisialy "eliminatoire Jeux olympiques 2024 izay hatao ao Parisy".

Tontosa, tao amin'ny kianja Fianarantsoa ka, ny Ny ekipa voafantin'Antananarivo sy Fianarantsoa no niatrika ny lalao famaranana tamin'izany ka ity farany no nibata ny amboara rehefa nisaraka ady sahala 1-1 ny roa tonta nandritra ny fe-potoana ara-dalàna.

Marihana fa fifaninanana natao hitiliana ireo mpilalao ka ny tanjona dia fanomanana ny hidiran'i Madagasikara ho mpandray anjara amin'ny Lalao olaimpika 2024 izay hatao any Parisy.

Tonga nanome voninahitra izany lalao famaranana izany ny Tale Jeneralin'ny Fanatanjahantena ao amin'ny minisiteran'ny tanora sy fanatanjahantena Malagasy sy ny Governoran'ny Faritra Matsiatra Ambony ary koa ireo teknisiana Ufiscam rehetra, notarihan'ny "Coach" Boualem MANKOUR sy Mohamed AIT-HIDA ary i Maître Hery Be.

**Rainilita**

### Makis à 7 vehivavy

# Tafita hiatrika ny Mondial 2022

Tafita hiatrika ny fiadiana ny ho tompondaka maneran-tanin'ny fifaninanana Rugby lalaovin'olona fito (7), izay hatao any Afrika Atsimo, amin'ny volana septambra 2022 ny ekipa vehivavy Malagasy "Makis de Madagascar 7's Women", eo amin'ity taranja ity, rehefa tafakatra tamin'ny lalao famaranan'ny fifaninanana "Africa Women's Seven 2022", notonsaina tao amin'ny kianja "Stade Municipal de Jemmal Tunisia tamin'ny zoma 30 aprily 2022 lasa teo.

Resin'ny ekipa vehivavin'i Afrika Atsimo izy ireo tamin'izany (15-14), nefa noho i Afrika Atsimo handray an'io "Mondial rugby à 7/ 2022" io dia ny mpifanandrina taminy tamin'ny lalao famaranana ny "Africa Women's Seven 2022", no hanampy azy




*"Makis de Madagascar 7's Women".*

hisolo tena an'i Afrika amin'ity fifaninanana ity dia ny Makis à 7 vehivavy izany.

Marihana fa tamin'ireo lalao nataony tany Tonizia dia nandresy an'i Ouganda tamin'ny isa 17 noho 12 teo amin'ny lalao manasa dalana ny vehivavy Malagasy, nandresy ihany koa an'i Ghana 29 noho 05 tamin'ny lalao voalohany natrehany ary nandresy an'i Tunisie 07 noho 05 tamin'ny lalao faharoa.

**Rainilita**

## Sakafo Ny Valosoa



Mety mbola hitohy androany ny fetin'ny silamo omaly, Eid Mubarak, fiafaran'ny fifehezana nandritra ny iray volana. Noho izany, laoka matsiro : gisa ritra no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anana sy angivy miaraka aminy, lasary tômaty, na lasary voatabia ihany koa. Dia mihinàna finaritra tompoko.


## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny voankazo zavokà

Mahasoa 3 mey

Ny soa azo avy amin'ny voankazo zavokà

Ny soa azo avy amin'ny voankazo zavokà indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Betsaka ny zavokà amin'izao fotoana eto amintsika. Mahasalama ity voankazo ity, misy Potassium izy, misy magnésium, fibre, calcium, proteina.



- Manala fanaintainana sy fivontosana izy.
- Mampidina ny tahan'ny cholesterol.
- Mampidina tosi-drà.
- Mampidina tahan'ny siramamy ao amin'ny rà.
- Tsara ho an'ny vavony.
- Miaro ny fahanteran'ny sela.
- Miady amin'ny areti-maso cataracte.
- Tsara ho an'ny volo.
- Tsara ho an'ny taolana.
- Mampatanjaka ny hery FIAROVANA.
- Manala tavy, mampihena vatana
- Tsara ho an'ny nify, manasitrana areti-nify.
- Miaro amin'ny homamiadana na cancer.
- Tsara ho an'ny hoditra.

Hanina amin'izao miaraka amin'ny siramamy sy yaourt, hatao jus, na hatao salady no fihinana azy.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Morafenobe any amin'ny faritra Melaky

Ny tanànan'i Morafenobe any amin'ny faritra Melaky

Ny tanànan'i Morafenobe any amin'ny distrikan'i Morafenobe, faritra Melaky indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina sy ny distrikan'i Morafenobe ity tanàna ity, ny kaominina Morafenobe, izay iray ao amin'ireo kaominina 3 mandrafitra ity distrika ity. Any andrefan'i Madagasikara no misy azy. Efa azo lazaina ho avo toerana izy, satria 210 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Ao anelanelan'i Beravina sy Maintirano no misy an'i Morafenobe, lalovan'ny reniranon'i Manambaho izy. Vokatra any ny vary, ny raphia, ny voanio, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Tanàna manana seranam-piaramanidina ity tanàna ity, saingy mbola tany ny fandehanan'ny fiaramanidina amin'izany, na ny piste.



FOTO-DRAFITRASA MBOLA TSY TOKONY HOTOKANANA

# Afa-baraka Rajoelina tany Menabe ny faran'ny herinandro teo

Afa-baraka, izay no azo ilazana ny filoha Rajoelina taty amin'ny faritra Menabe ny faran'ny herinandro teo, foto-drafitrasa mbola tsy tokony- hotokanana no notokanana ary zara raha nisy mpanatrika izany.
Ankoatr'izany, nararaotin'ny filoha Rajoelina nanaovana fampielezankevitra alohan'ny fotoana, na pré- campagne ny fanasan'ny Diosezin'ny Morondava azy. Isan'ireo nasain'ny Diosezin'i Morondava niatrika ny fitokanana ny Co-Cathédrale tao Miandrivazo ny filoha Andry Rajoelina nararaotiny izany, mba hanaovana pré-campagne satria araka ny loharanom-baovao azo, dia tsy manana olona to teny sy mahatarika olona ny TGV/MAPAR ato Menabe, ka niezaka nitokona ireo fotodrafitr'asa izay mbola tsy tokony hotokanana izy, satria misy ireo izay mbola tsy vita tanteraka: toy ny jiro mandeha amin'ny tanjaky ny masoandro, ao koa ireo foto-drafitrasa izay mbola tsy vita ny vola , dia dedaka izy ny haka ny fon'ny vahoaka nefa dia teo no noraisina, zara raha nisy mpanotrona tamin'ireo fitokanana, ka rehefa tsapany izany dia nampanantsoina ilay kopie kole-any hanampy ireo mpanankanto, izay hisintonan'olona hanotrona azy tao amin'ny kianja Beach Avaradrova. Izany no midika fa fitantanana resa-jaza maroroka ny fitantanan'ny fitondrana Rajoelina. Fehin'ny kabariny dia fampielezankevitra no nataony sy ilay kopie kole-any, tsy vitan'izay fa mbola fandaniam-bolampanjakana ihany koa no nataony satria dia sady nitondra fiaramanidina izy ireo no nitondra angidim-by ihany koa raha tokony handeha angidimby fotsiny ho any Miandrivazo, namonjy ny fitokanana Co-Cathédrale. Tranga hita ihany koa nandritra ny fandalovan'ny filoha Andry Rajoelina tao Morondava ny fisavana mialoha ireo Banderole izay nentin'ireo fikambanana vitsivitsy nanotrona ny fitokanana ny hôpitaly, izany no midika fa sady tsy mahatoky tena intsony ity fitondrana ity, no manao jadona: manakana ny fanehoan-kevitra izay ataon'ny vahoaka.




***Rajepa***

Fiafaran' ny Ramadany

# Niarahaba ny mpino silamo rehetra Ravalo noho ny Eid Mubarak

Nifarana omaly ny fifehezana nandritra ny iray volana na ny Ramadany ho an'ny mpino silamo manerana izao tontolo izao, sy teto Madagasikara. Noho izay fahatratrarana ny Eid Mubarak izay omaly, niarahaba ny mpino silamo rehetra manerana ny Nosy ny filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, sady filoha nasiônalin'ny antoko TIM, Marc Ravalomanana: "amin'ny anaran'ny tenako manokana Marc Ravalomanana sy ny antoko politika TIM ary ny RMDM dia faly miarahaba ny mpino silamo rehetra nahatontosa ny fifehezana nandritra ny volana masina Ramadany. Enga anie ny ezaka rehetra nataonareo tamin'ny alalan'ny vavaka sy ireo asa soa marobe, ho voarain'ilay Nahary avokoa, ka hody ho fitahiana sy fahasoavana ho an'ny isantokantrano ary indrindra ho an'ny firenena. Mirary fety sambatra."



*Ny toeram-pivavahana silamo etsy Ambatonakanga.*

***Isambilo***

Basket N1 A Conférence Ouest

# Ny ekipan'ny Gnbc Analamanga no nahery

Ny ekipan'ny Gnbc Analamanga, no nahery tamin'ny fifaninanana basikety fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy N1A vondrona Andrefana, notontosaina tany Antsiranana, ka nifarana tamin'ny alahady 01 mey 2022 lasa teo.
Lavon'ny Gnbc Analamanga tamin'ny isa 85 – 68 (19-15, 21-13, 17-21, 27-19) teo amin'ny lalao famaranana notontosaina tao amin'ny kianja « Gymnase Couvert Antsiranana » tamin'ny alahady 01 mey 2022 lasa teo ny Sebam Boeny. Norombahin'izy ireo araka izany ny amboara lehibe sy ny lelavola 700.000 ar natolotry ny M-Vola mpanohana ôfisialy ny Fmbb tamin'ity hetsika ity raha lelavola 500.000 ar kosa no natolotra ny ekipan'ny Sebam Boeny tompondaka lefitra.
Notolorana 400.000 ar ihany koa ny ekipan'ny Tgbc Betsiboka voahosotra ho laharana faha-3 rehefa nandavo ny Mb2All Analamanga (73-58), teo amin'ny lalao fiadian-toerana ary lelavola 300.000 ar kosa no natolotra ny ekipan'ny Mb2All nitana ny laharana faha-4.
Miandry an'ireo izay tafita ao amin'ny vondrona Atsinanana kosa, izay misy ny ekipan'ny Ascut (Atsinanana), Cospn (Analamanga), Cosfa (Analamanga), As Fanalamanga (Alaotra Mangoro), Cospn 2 (Atsinananana) ary Abbs (Sava), izay hanomboka ny fifanintsanan'izy ireo amin'ny 7 mey, ka hatramin'ny faha-15 mey 2022 ho avy izao any Toamasina izany ireo ekipan'ny vondrona Andrefana ireo, hiatrika ny dingana famaranana amin'ity tompondakan'i Madagasikara 2022 sokajy N1 A lehilahy, eo amin'ity taranja basikety ity.




*Ny Gnbc Analamanga tany Antsiranana.*

***Rainilita***

Sampana fifohazana FJKM

# Hisy hetsika eny Antsonjombe ho fankalazana ny faha-40 taona

Ho fankalazana ny faha-40 taonan'ny Sampana Fifohazana FJKM dia hisy hetsika lehibe, ho tanterahina eny amin'ny Colésium Antsonjombe amin'ny sabotsy 7 mey 2022 ho avy, ka hisian'ny fanompoam-pivavahana lehibe hitondrana am-bavaka ny firenena arahin' asa sy fampaherezana, ho fanafahana ho an'ny rehetra ary koa fanasitranana ny marary, mba ho fanomezan-toky ny fandresena ao amin'ny Jesoa Kristy velona.
Tsy hadino amin'ny hetsika tahaka itony ny fanafanana ny hetsika amin'ny alalan'ny hira evanjelika eny an-tsefatsefany eny, hiarahana amin'ny tarika Ampifitia, Christophe Ratrema, sy ny maro hafa koa…
Na dia hetsika ara-panahy aza no hatao dia nambaran'ireo mpikarakara nampita ny vaovao, fa tsy avela ho noana koa anefa ny vatana, fa dia hisy ny famarotana sakafo amin'ny vidiny mirary homanin'ny SP efatra amin'io fotoana io.

***Rainilita***



*Sampana fifohazana FJKM amperinasa.*

Basket-ball

# Tsy jeren'ny ministra ny zanaky ny faritra Menabe

Nanomboka ny 28 aprily teo ary nifarana ny omaly 2 mey ny championnat régional ny taranja basket ball, ho an'ny faritra Menabe, izay nahitana sokajy U16 ,U18, U20 ary ny Seniors lahy sy vavy. Nandraisan'ny distrika efatra anjara dia Morondava , Miandrivazo , Mahabo, ary Belo amoron'i Tsiribihina, raha tsy nahatonga solontena kosa ny distrikan'i Manja, izay nanana olana teo amin'ny hoenti-manana tamin'ny fitaterana. Tanjona tamin'ity fifaninanana ity dia ny mba hisian'ny solontenan'i Menabe amin'ny fiadiana ny ho tompondakan'i Madagasikara ary ny fiomanana sahady ihany koa amin'ny fifaninanana Afro basket U18 amin'ny volana jolay izao , hoy ny filohan'ny ligin'ny basket- ball Menabe, Andriamatoa Franck David Resampa .
Nilaza koa izy, fa mahatsiaro kamboty ny baske-t ball ato Menabe, satria tsy misy ny fotodrafitr'asa, efa nisy ny fampanantenana fa hahazo gymnase Morondava, nefa hatramin'izao dia tsy misy tohiny , minisitra roa no nitantana ny minisiteran'ny fanatanjahantena sy ny Tanora izay samy zanaky ny faritra Menabe, no nifandimby teo fa dia adino foana ny Basket- ball ato Menabe koa mamerina manao antso avo amin'ny minisitry ny fanantanjahantena sy ny Tanora izy ireo ny mba hanomezana fotodrafitr'asa sahaza ho azy, satria hita sy tsapa fa tia sy mahay Basket-ball ny Tanoran'i Menabe, fa tsy manana sehatra ilalaovana na dia efa miezaka ihany aza ny ligy. Tsy vitan'ny efa tsy manana fotodrafitr'asa, fa mbola tsy misy mpanohana ihany koa, hany ka kivy ireo mpitarika clubs satria rovitra hatramin'ny paosiny nefa tsy maharaka, ka lasa tsy misy mpitarika ireo, lasa mitsipozipozy .
Niavaka kosa ny club SARIMBO na ASS avy ao Miandrivazo, izay sambany vao nandray anjara tamin'ny championnat régional ary isan'ny club zandriny indrindra, satria tamin'ity taona ity vao nijoro , nohon'ny fanampian'ireo olom-boafidy tao Miandrivazo, no nafahan'ny ASS nivelatra sy niatrika ity fiadiana ny tompon-dakan'ny faritra Menabe izao ity ary nilaza izy ireo, fa hanao ny faraheriny mba hahazoany vokatra tsara sy tsy hahakivy ireo mpanohana azy ireo, no hafahany miakatra amin'ny dingana avoavo kokoa.

***Rajepa***

# Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**23/04/2022 hatramin'ny 30/04/2022**

- **H** (Andrefan'Ambohijanahary) 032 05 111 65/034 14 011 65
- **NY AINA** (Andravoahangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (PrÈs CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycÈe Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1Ëre ‡ droite aprÈs Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1293-04-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

## Resaka karama

# Fantaro ireo fisondrotana hatao

Nanambara ny fisondrotana karama hatao eto amin'ny firenena ny filoha Rajoelina ny alahady alina teo, tao amin'ny haino amanjerim-pirenena. Raha ny nambarany dia toy izao ny fisondrotana hisy ary hanomboka amin'ity volana mey ity:
25% ny fisongan'ny karama ho an'ny kely karama.
13% ho an'ny sokajy anelanelany.
5% ho an'ny categorie 10.
250.000 Ar Ar kosa ny karama farany ambany, ka ny fanjakana no handoa ny 30.000Ar, ny orinasa isanisany no handefa ny 220.000 Ar. 3 taona no tsy nisy ny fisondrotana karama teto amin'ny firenena, koa raha hatao ny kajy arak'izany, 8% mahery eon y fisondrotana ho an'ny kely karama; 4% mahery no an'ny sokajy anelanelany ary 1,6% mahery eo ho an'ny be karama, ao amin'ny categorie 10. Arak'izany, be am-pitenenana fotsiny io fisondrotan,-karama nambaran'ny filoha io, fa rehefa natao io kajy io dia tena kely ny fisongany. Vao mainka kely ihany koa izany manoloana ny fiakaran'ny vidim-piainana ho avy noho ny hiakaran'ny vidin'ny solika, sy ny zavatra rehetra ilaina amin'ny fiainana andavanandro, sy ny saram-pitaterana koa.

***Aly***



*Tsy hahavaha olana ny fisondrotan-karama nambaran'ny filoha Rajoelina.*

Fampianarana ambony

# Ataon'ny fitondrana Rajoelina tsinontsinona ny Oniversite




Nanomboka tamin'ny herinandro faran'ny volana aprily teo iny, dia nohamafisin'ny sendikan'ny mpampianatra mpikaroka SECES sampana Antananarivo ny firosoan'izy ireo indray, amin'ny fanaovana "Oniversite sy foibem-pikarohana nasiônaly miankina amin'ny fanjakana maty", mandra-pisian' ny vaha-olana atolotry ny filoham-pirenena, ny ankon'izany, manao tsinontsinona ny eny amin'ny Anjerimanontolo ny fitondrana Rajoelina. Itovizana amin'ireo sampana Seces manerana ny nosy io hetsika io, izay mamporisika ny fianakaviamben' ny fampianarana, sy ny fikarohana ara-tsiansa, mba samy handray ny andraikitra tandrify azy avy.
Tamin'ny faran' ny herinandro teo dia nanao fitokanana ny fampianarana ambony tany Menabe tany i Rajoelina, izay hita sy tsapa fa fitokanana antenantenam-potoana, fikaroham-boninahitra, vonjy tavanandro tokoa, satria entina hanaronana ity "FENITRA " manala baraka ny firenena ity. Ny herinandro lasa teo koa, dia mbola nisy sampana (sociologie ) nanao fanadinana teny Ankatso, ka nahatonga ny rehetra hiantsoantso hoe: ONIVERSITE SADASASA no misy amin'izao fotoana, ny andaniny nanao fanadinana, ny ankilany manao fitokonana, ry Rajoelina manao fitokanana, izay manimba ny anjerimanontolo tanteraka.
Araka ny vaovao azo avy Antsiranana koa, efa ho efabolana mahery no mitokona ny mpampianatra amin'ny Oniversite, tsy misy cours, tsy naharay tambin-karama sahaza hatramin'ny taona 2019, ary tsy mahazo ny hasina sahaza azy tanteraka raha ny antsoantso any antoerana koa.

***Beharo***

BEHARO

# Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 392**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

## Valiny Teny Tondro (0391)

***Mitsivalana***
- Silamo
- Ako – Ma (miv)
- Naharesy
- Diana – Do
(miv)
- Inty – Osy
- Kar(y) – (T)ik(o)
- Angano
- Angano

***Mitsangana***
- Sendika
- Aina
- Lahatra
- Akany
- Mora – DG
- Nisosa (miv)
- Amidiko

## TENY MIFANAPAKA N° 392



**Mitsivalana**

**1.** Hanina mahavoky – Asa **2.** Solontena – Grama **3.** Lavaka tsy takatra – Toerana lavitra **4.** Tovana – Atsipy **5.** May tanteraka (BR) – Averina mitovy **6.** Fonenana – Tsofoka **7.** Mpanondro toerana – Nandeha **8.** Aotra – Zava-maneno **9.** Anelanelan'ny taona – Matoanteny (miv) **10.** Tsy marina (miv) – Atody

**Mitsangana**

**A.** Fandrehitra – Lera **B.** Milaza fotoana **D.** Fialam-boly – Vizana (BR) **E.** Mampiray, manambatra – Atody vokatra **F.** Fahazoana diplaoma **G.** Firinga (miv) – Ariary **H.** Tolonao **I.** Ovay toerana **J.** Mailaka (miv) – Atsahatra **K.** Mahantra – Ambony

## Valiny Teny mifanaraka 0391

**Mitsivalana**

**1.**Foza - Anosy (miv) **2.** Akanga **3.** Ronono - Haz(o) **4.** Eva - Ina - Ny **5.** Nihena - Man **6.** Ala - Aina **7.** Rambo **8.** Tily (miv) - Antsa (miv) **9.** Masiso (miv) **10.** Mpitsikilo

**Mitsangana**

**A** Fireneny **B.** Ovy - Lap(a) **D.** Zanahary **E.** Ako - Tale (miv) **F.** Manina (miv) - Os(y) **G.** Inona ? - Basy **H.** SG - Kisoa (miv) **I.** Hao (miv) - Mi - Tsy **J.** Lanonana (miv) **K.** Aizina - (M)amo


Vente
EXPOSITION
à Behoririka
A l'occasion de la
Fête des Mères
jeudi samedi
du 26 au 28 Mai
CONTACT: Tel. 034 79 076 00